# Mampianatra fahamarinana avy amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130

## Fanomanana ny lesona:

Dingana 1: Misafidiana iray amin'ireo lohahevitra hohalalinina etsy ambany ary ianaro ireo loharanom-pitaovana omena amin'izany. Ifantohy ireo eritreritra sy ireo hevitra ary ireo fahatsapana avy amin'ny Fanahy Masina momba ny zavatra vakinao. Azonao atao koa ny mitady loharanom-pitaovana hafa mba hanamafisana ny fahatakaranao ny lohahevitra nofidinao.

Dingana 2: Mamorònа drafitra ho ana lesona maharitra dimy ka hatramin'ny fito minitra ho an'ny lohahevitra nofidinao. Hevero ny hampiasa ny sasany amin'ireto fanontaniana manaraka ireto mba hanampy anao amin'ny fanomanana:

- Ahoana no tokony na ahafahan'ireo fahamarinana ireo hisy vokany amin'ny fifandraisantsika amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy?
- Ahoana no ahafahako mampiasa ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpaminany mba hanampiana ny hafa hahatakatra kokoa ity lohahevitra ity?
- Inona no azoko atao mba hanampiana ny hafa handray anjara amin'ny lesona sy ho mpandray anjara mavitrika?
- Inona no traikefa azoko zaraina na inona no azoko ijoroana ho vavolombelona?
- Inona no azoko atao mba hanampiana ny hafa hampihatra io lohahevitra io eo amin'ny fiainany?

## Lohahevitra sy loharanom-pitaovana hoenti-mandalina:

#### SAFIDY 1: NY FAHALALANA SY NY FAHARANITAN-TSAINA DIA MIARA-MITSANGANA AMINTSIKA AMIN'NY FITSANGANANA AMIN'NY MATY.

### Ireo loharanom-pitaovana hohalalinina:

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:18–19; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:118; 93:36

Ny Loholona Neal A. Maxwell (1926–2004) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra hoe:




> Raha misaintsaina fotsiny ny zavatra izay hiara-hitsangana amintsika amin'ny fitsanganana amin'ny maty isika dia toa hita miharihary fa hiara-hitsangana amintsika ny faharanitan-tsaintsika, izay midika hoe tsy ny fahatakarantsika zavatra fotsiny fa ny fahafahantsika mandray sy mampihatra ny fahamarinana ihany koa. Hiara-hitsangana amintsika ny talentantsika sy ny toetra tsara ananantsika ary ny fahaiza-manaontsika; ary toy izany koa mazava ho azy ny fahaizantsika mianatra sy ny haavon'ny fifehezantsika tena ary ny fahaizantsika miasa. (Neal A. Maxwell, *We Will Prove Them Herewith* [1982], 12)

**SAFIDY 2: MAHAZO FITAHIANA AVY AMIN' ANDRIAMANITRA ISIKA AMIN'NY ALALAN'NY FANKATOAVANA NY LALÀNY.**

## Ireo loharanom-pitaovana hohalalinina:

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:20–21; jereo koa ny Jaona 7:17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:10

Nampianatra toy izao ny Filoha Russell M. Nelson:



Raha tena maniry fitahiana iray ianao, dia tsara kokoa ny hamantaranao hoe inona ireo lalàna mifehy izany fitahiana izany ary avy eo dia miezaha ny ho tonga mpankatò ireo lalàna ireo. (Russell M. Nelson, "The Mission and Ministry of the Savior: A Discussion with Elder Russell M. Nelson," Ensign, jona 2005, 19)

**SAFIDY 3: MANANA VATANA NOFO SY TAOLANA NY RAY ANY AN-DANITRA SY I JESOA KRISTY. NY FANAHY MASINA DIA VATANA FANAHY.**

## Ireo loharanom-pitaovana hohalalinina:

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:22–23; jereo koa ny Matio 3:13–17; Asan'ny Apostoly 7:55–56

Nampianatra toy izao ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



Mino isika fa ireo olona masina telo ireo izay mandrafitra ny Andriamanitra tokana izay iray eo amin'ny tanjony sy ny fomba fiasany, sy ny fijoroany ho vavolombelona ary eo amin'ny iraka tanterahiny. Mino isika fa Izy Ireo dia samy henik'ilay toetra araka an' Andriamanitra feno famindram-po sy fitiavana, fahamarinana sy fahasoavana, faharetana, sy famelan-keloka ary fanavotana. Mihevitra aho fa marina ny filazana fa mino isika fa iray Izy Ireo eo amin'ny lafiny manan-danja sy mandrakizay rehetra azo heverina *afa-tsy* ny finoana Azy Ireo ho olona telo mitambatra ho olona iray. . . . Ambaranay fa miharihary avy amin'ny soratra masina fa ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina dia olona misaraka, olona masina telo. (Jeffrey R. Holland, "The Only True God and Jesus Christ Whom He Hath Sent," *Liahona*, nôv. 2007, 40–41)



© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_451-1